ALAHADY FAHA 05 MANDAVANTAONA -B- 2024



“Nanasitrana olona maro nararin’ny aretina samihafa Izy”
Mk. 1, 29-39

Ry Kristianina havana, tamin’ny 02 febroary isika nandinika sy nandalina mikasika ny jiro masina izay tsy iza fa I Jesoa satria Izy no Fahazavana ary isika vita batemy voatokana na relijiozy na tsia, izany hoe isika EOV MISIONERA JIABY VITA BATEMY KA IRAHINA zary Kristy mpiara-belona amin’olona. Isika no fahazavana amin’izao andro iainantsika izao, isika no modely ho an’ny mpiara-belona amintsika fa indrindra amin’izao fotoan-tsarotra diavintsika izao. Mila “repères” ny olona satria very “fanahy mbola velona”, very “identité” noho izao krizy marolafo manjo antsika izao. Izany no mahatonga manatanteraka an’izao Sinaody faha 7 izay eo amin’ny fijanona faha 3 isika ary ao anatin’izany mba hampan-dreheitra ny fontsika tahaka ireo Mpianatra tany Emaosy dia miroso amin’ny fivahianina masina lehibe isika amin’ny fanatanterahana ny KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY KEN 2024. Taonan’ny vavaka rahateo ity taona 2024 araka ny nanokafan’I Papa azy tamin’ny Alahadin’ny Tenin’Andriamanitra teo. Nanasa antsika izy mba ho taona hanaovana pelerinajy manomana ny taon-jobilin’ny Fanantenana amin’ny 2025 ka hiantsoana antsika jiaby ho mpivahin’ny Fanantenana. Taom-pahasoavana lehibe ho antsika ity taona 2024 amin’izao kongresy izao ka mahaiza isika manararaotra. Ny Fihavanana tokoa no hanasitrana an’izao tontolo izao… mpiray tampo isika jiaby (Mt 23, 8). Ao amin’ny Eokaristia no loharano sy fototra an’izay fihavanana izay satria I Jesoa no Fihavanantsika.

Mitaky “safidy matotra” vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika ka hametraka an’I Jesoa ho eo anivon’ny fiainantsika sy ivon’ny fiainantsika, amin’ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy no handrafetantsika ny fiainantsika mba hametraka kolontsaina sy kolom-piainana miahy mandrakariva ny fikolokoloana ny fifandraisana (culture des soins) mitondra antsika amin’ny fihavanana sady kristianina no malagasy. Hiova noho ny fibebahana ny fifandraisana satria voakolokolo : fifandraisana amin’ny zava-boaary, fifandraisana amin’ny mpiara-belona, fifandraisana amin’Andriamanitra ka tanteraka tokoa ny voalazan’ny lohahevitry ny Kongresy : HIHAVANANA HANASITRANA AN’IZAO TONTOLO IZAO satria mihavana amin’ny zava-boary isika, mihavana isika samy isika ary mihavana amin’Andriamanitra. Manomboka amin’ny fianakaviana “Eglizy kely” ny ezaka rehetra ataontsika satria ao amin’ny fianakaviana no loharano sy fototry ny mahaolona. Indrisy ny fianakaviana indrindra no mitondra faisana (victime) amin’izao krizy izao. Mila vavaka ny fianakaviana. Izany no mahatonga ny Papa hiantso an’ity taona ity ho taonan’ny vavaka hivavahana ho an’ny fianakaviana. Aoka hahay hanararaotra ity taona 2024 hanao vavaka totoafo ho an’ny fianakaviana. Hametraka tsara ny andro sabotsy ivavahana ho an’ny Fianakaviana. Hikatroka isika amin’ny fanomanana ny Kongresy Eokaristika izay irintsika ho fanehoan’izay mahavavaka faratampony azy izay.

Aoka ho taona fifikirantsika amin’Andriamanitra ity taona 2024 ity vokatry ny fanehoam-pitiavana manokana ny Eokaristia ka ny fihavanana eokaristika hanasitrana an’izao tontolo izao maratra.

Azo lazaina fa io fanasitrana no ivon’ny ny Tenin’Andriamanitra amin’izao Alahady faha-5 tsotra mandavan-taona izao. Handalina ny finoana isika mba hitoerantsika ao amin’i Jesoa tanteraka. Izany fifikirantsika amin’i Jesoa izany dia misy fotoana mampaharary sy mampijaly nefa araky ny fotom-pampianarana androany : “Inona ny anjara toeran’ny fijaliana amin’ny maha-Kristianina antsika” Izany hoe manao ahoana ny fifikirantsika amin’i Jesoa Kristy”. Nofidina ho faneva entintsika manentana ny taom-pikatrohana araky ny tenin’I Papa : “NA HO RENDRIKA ISIKA SATRIA MANARAKA NY FOMBAN’IZAO TONTOLO IZAO IZAY EFA LO, IZAO KRIZY MARO LAFY IZAO NO MAMPIBARIBARY AZA, NA HO TAFITA SATRIA MIFAMPITSIMBINA SY MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA… TANDREMO ANEFA SAO EFA TARA??? . Mifampitsimbina sy mifanasoa ary mikatsaka ny soa iombonana raha mametraka an’I Jesoa eo anivon’ny fiainantsika sy ivon’ny fiainantsika. Izany hoe mitoetra ao Aminy isika ka hamokatra, io ny voalaza ao amin’ny Evanjelin’i Md Joany 15, 5 : “*Izaho no foto-boaloboka, ary ianareo no sampany. Izay mitoetra ao amiko sy itoerako no mamoa be, satria raha tsy izaho dia tsy mahefa na inona na inona ianareo.*” Isika izany no sampana na dia misy fijaliana aza satria tsy maintsy diovina, rantsanana nefa raha mitoetra ao Aminy isika dia mamokatra be. Izany no ampianaran’ny tenin’Andriamanitra amin’izao Alahady izao. Ny bokin’i Joba dia mampahatsiahy antsika ny nanjo an’ity olon’Andriamanitra ity izay fantantsika fa tena nifikitra sy nitoetra tao amin’Andriamanitra izy ary namokatra be ny fiainany. Ny demony no tonga naka fanahy sy nampijaly azy ary dia rava ny zavatra novokariny rehetra. Voan’ny fakam-panahy i Joba fa nahatsapa kosa anefa fa eo ihany Andriamanitra na dia tsy nisy intsony ny fanantenana. Ny fiadanany no atolony antsika. Fampianarana lalina ho antsika ny tantaran’I Joba eo am-piatrehana an’izao krizy marolafo izao izay azo lazaina raha mandinika ny zava-misy eo amin’ny manodidina sy eran’izao tontolo izao fa tena ny atim-pinoana mihitsy no voahozongozina. Io no nitranga tamin’I Joba. Natoron’I Joba amintsika ny fanafody sy lalana : “mifikitra amin’ny finoana na inon-kidona na inon-kihatra”

Misy tokoa ny fotoana manahirana antsika, misy ny fitsapana kanefa Andriamanitra eo amintsika mandrakariva, i Jesoa no nanolotra ny ainy ka nandray ny rofintsika rehetra, ny fijaliantsika rehefa nekeny ny hofantsihana tamin'ny hazofijaliana. Raha miombona Aminy isika ka mitoetra ao Aminy, na dia eo aza ny fandrantsanana maro isan-karazany dia hositraniny isika sy hokarakarainy. Izany ny fampianarana ao amin'ny Evanjely ho an'izay mandray azy. Mety hiteraka zavatra hafa araky ny henontsika ao amin'ny Evanjely androany kosa izany ho an'izay tsy mandray azy. Na dia eo aza ny tebiteby dia mandray fahasoavana mandrakariva ny olon'Andriamanitra sy ny olomarina satria matoky ny fiarovan'Andriamanitra mandrakariva izy. Tsy maintsy misy ny fitsapana eo amin'ny fiainantsika fa mihaino antsika Andriamanitra tahaka ny nataon'i Joba nitalaho mafy ka nohenoin'Andriamanitra ny fitalahoany. Tahaka izany koa ireo izay nitondra ny marary tamin'i Jesoa, hitany ny finoany ka nositraniny izy ireo, ny finoana no mahavonjy antsika. Izany ihany koa no kendrentsika amin'izao taonan'ny vavaka izao fa indrindra amin'ny Kongresy Eokaristika

Niaraka nitondra an'ireo marary teo amin'i Jesoa ny olona ary i Jesoa nanatona sy nandray tànana an'ireo marary fa indrindra ny rafozam-bavin'i Piera izay tsy salama ary fantatr'i Jesoa izany. Tsy nanao teny maro izy fa nandray ny tànany ka nampitsangana azy. Izany toetra izany dia manambara fa eo akaikintsika mandrakariva Izy. Tsy Andriamanitra lavitra Andriamanitra ary vonona mandrakariva hihaino ny fitalahoantsika. Mino sy matoky isika fa mihaino antsika izy amin'izao sedra mafy atrehintsika izao. Marary tokoa izao tontolo izao ka tsy mamela antsika.

Tsara ihany koa ny manipika fa na dia maro aza ny fanasitranana sy fahagagana nataony dia tsy nosarahiny tamin'ny fitoriana sy fampianarana izay nataony fototra lehibe ary indrindra tsy nisaraka tamin'izany rehetra izany ny anjara toerana lehibe nomeny ny fivavahana. Asongandina amintsika androany ny fandaharam-potoanan'i Jesoa (emploi du temps). Irin'i Md Marka ny hananantsika fandaharam-potoana mirindra ka hametraka tsara ny anjara toeran'ny fivavahana, hametraka tsara ny anjara toeran'ny asa, ny fifandraisana amin'ireo manodidina antsika amin'ny fanaovana asa soa. Ny taratasin'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa izay ahitantsika an'i Md Paoly tsy mitsahatra mitory ny Evanjely na dia maro aza ny fanenjehana, na dia maro aza ny fanilikilihana dia tsy nitsahatra izy nanambara amin'ny manodidina azy ao anatin'ny fahatsorana sy am-pitiavana. Izany no nahasahiany nilaza fa "loza ho ahy raha tsy mitory ny Evanjely aho" amin'ny fanaovany ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fampielezana ny finoana. Ohatra lehibe ho antsika i Md Paoly amin'ny fitoriana ny finoana.

Raha fintinina izany ny foto-pampianarana atolotra amin'izao Alahady faha 5 izao dia ny fahaizana mampitraotro mandrakariva ny fiainana sy ny finoana. Ilaina izany amin'izao andro sarotra izao fa indrindra eo anivon'ny fianakaviana "eglizy kely". Manana ohatra velona sy modely isika dia ireo Olomasina sy olontsambatra malagasy fa indrindra I Victoire Rasoamanarivo sy Lucien Botovasoa. Aoka isika tsy hitsahatra hibanjina sy haka tahaka ny fiainan'ireo mpanompon'Andriamanitra ireo izay irintsika ho Olomasina. Modely ho antsika izy ireo, marina fa samy manana ny lahatra natolotr'Andriamanitra azy isika tsirairay avy fa raha ny resaka fandaminana fotoana dia ohatra velona hotahafina tsara i Lucien Botovasoa sy Victoire Rasoamanarivo. Araky ny fantantsika dia vao mifoha maraina izy ireo dia ny vavaka no ataony, mandeha an-degilizy mamonjy lamesa sy mivavaka. Izy ireo no mandamina alohan'ny fahatongavan'ny pretra. Aorian'ny lamesa dia mitsaoka ny saktramenta masina vao mody. Eny an-dàlana izy dia manao sapile. Rehefa tonga am-piasana dia

voalamina tsara ny fandraisany ireo mpianatra sy ny fampitana ny lesona ho an'I Lucien Botovasaoa torak'izany ho an'I Victoire amin'ireo mpianatra katesizy sy ireo mahantra karakaraina ary ny andraikitra hafa. Araka ny tantara marim-pototra dia mbola mifoha izy ireo amin'ny alina, mivavaka. Niainan'izy ireo tokoa ny vavaka, fiombonana tanteraka amin'Andriamanitra ny fiainany manontolo. Tsy mankaiza amin'izany koa ny fiainan'I Frera Rafiringa satria na dia izy irery aza no relijiozy dia nanohy ny vavaka mahavoatokana azy izy. Tena modely ho antsika izy ireo.

Aoka àry handray izao hafatra izao isika mba handaminantsika ihany koa ny fiainantsika. Marina mety manempotra antsika ny tabataban'izao tontolo izao. Mety mikorontana ny saintsika mieritreritra ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika, eo ihany koa ny fiahiana ny zavatra maro isan-karazany ka mila tsy handre ny hafatr'Andriamanitra intsony isika, tsy afaka manatona azy aza indraindray. Aoka anefa tsy ho resin'ireo sedra maro eo amin'ny fiainana isika fa hitoetra ao amin'I Krsity.

Aoka àry izao fotoana izao fa indrindra fa izao ady sarotra izao hampitodika antsika bebe kokoa amin'ny maha-zanak'Andriamanitra antsika. Hatoky an'Andriamanitra isika fa tsy lavitra antsika Izy, ny hanasitrana antsika no nahatongavan'i Jesoa tahaka ny nanasitranany ny rafozambavin'i Piera. Isika rehetra dia hositraniny raha manatona Azy amim-panentren-tena.

Tompo ô tsy nanampimaso tamin'ny fahorian'olombelona Ianao fa namonjy ireo nijaly sy marary. Iantrao izy ireo ary enga anie izahay hahery fo sy ho be fitiavana amin'ireo zoim-pahoriana, hanohizanay ny fitiavanao sy hiomananay sahady amin'ny fankalazana ny Andron'ny marary amin'ny 11 febroary fetin'i Notre Dame de Lourdes. Enga anie izahay hahay hahafoy fotoana ka hiombom-bavaka amin'ireo marary rehetra na ara-batana na ara-tsaina na ara-panahy. Tsy hadinonay koa ireo mpitsabo sy mpikarakara ary ny mpiasa rehetra amin'ny sehatry ny fahasalamana. Ny tsodranonao anie hitantana anay ary hitantana ireo marary mba hitoetra ao aminao tokoa izahay ary hitoeranao ka hamokatra be ka ho mendrika ny Anaranao. Masina Maria Renin'Andriamanitra, Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Eran-tany mivavahà ho anay ho an'ny fianakavianay mba ho fianakaviana "eglizy kely" tokoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson